

Ireo aretina resahana ato anatin'ity toko ity dia sarotra tsaboina na tsy mety tsaboina raha tsy misy fanampiana ara-medikaly. Maro amin'ireo no mila fanafody manokana izay sarotra azo eny amin'ny faritra ambanivohitra. Ny fanafody amboarina ao an-trano dia tsy manasitrana azy ireny. Raha toa ka voan'ny iray amin'ireo aretina ireo ny olona iray dia HO AMBONY KOKOA NY TAHAN'NY FAHASITRANANY RAHA TOA KA MAHAZO FANAMPIANA ARA-MEDIKALY ALOHA BE IZY.


TANDREMO: Maro amin'ireo aretina resahana ao anatin'ireo toko hafa ihany koa no mety hampidi-doza ary mila fanampiana ara-medikaly. Jereo ny **Famantarana Aretina Mampidi-doza**, p. 42.

RABOKA (TB, TIOBERIKILAOZY)

Ny raboky ny avokavoka dia aretina mitaiza (maharitra ela), mamindra (mora mifindra) izay afaka mahazo ny olona rehetra. Saingy mahazo ny olona eo anelanelan'ny 15 ka hatramin'ny 35 izy io matetika—indrindra ireo izay marefo, tsy ampy sakafo, voan'ny VIH, na miaina miaraka amin'ny olona voan'ny raboka. Satria maro amin'ireo olona voan'ny VIH (p. 399) no mihamarary be rehefa voan'ny TB dia tokony manao fitiliana TB avokoa ny olona voan'ny TB rehetra. Ireo olona voan'ny VIH dia afaka mihinana isoniazid (jereo p. 360) mba hisorohana ny TB tsy hihombo. Amporisaho hanao fitiliana VIH ihany koa ireo olona voan'ny TB ary hitady programa fitsaboana izany raha toa mitondra ilay tsimokaretina. Ny raboka dia azo sitranina. Na izany aza dia an'arivony maro no matimaty foana noho io aretina io isan'taona. Ho an'ny fisorohana sy ny fitsaboana dia zava-dehibe tokoa ny **mitsabo dieny mialoha ny raboka**. **Mila mailo amin'ny fijerena ny famantarana ny raboka**. Ny olona iray dia mety haneho iray na maro amin'ireo famantarana ireo.

Ireo famantarana TB mitranga matetika:

- Kohaka izay maharitra Maherin'ny 3 erinandro, mahery kokoa rehefa aorian'ny fifohazana maraina.
- Misy hafanana kely rehefa maraina ary tsemboka amin'ny alina.
- Mety manaintaina ny ao anaty tratra na ny lamosina ambony.
- Fahaverezan-danja maharitra sy faharerahana.



Amin'ny trangan'aretina efa ambony:

- Kohaka misy rà (matetika misy rà kely fotsiny, saingy indraindray dia betsaka izany).
- Hatsatra, matroka ny hoditra. Ny hoditry ny olona mainty fihodirana dia mihaftsy, indrindra ny tarehiny.
- Lasa farina ny feo (farina be).

Eo amin'ny zaza madinika: Mety ho tara ny fitrangan'ny kohaka.

Noho izany dia jereo ny:

- Fahaverezan-danja maharitra.
- Fanaviana matetika.
- Mihaftsy ny lokon'ny hoditra.
- Fivontosan'ny tenda (atody tarimo), na ny kibo (p. 20).

Ny TB matetika dia eo amin'ny avokavoka ihany. Saingy mety hisy fiantraikany eo amin'ny faritry ny vatana hafa ihany koa. Mety mahavoan'ny menenzita ny zaza madinika ny raboka (jereo p. 185). Ho an'ny aretin-koditra ateraky ny TB, jereo p. 212.

Raha heverinao fa mety voan'ny raboka ianao dia:

Manatôna dokotera. Raha vao mitranga ny famantarana raboka dia mandehana eny amin'ny tobim-pahasalamana mba hahafahan'ireo mpitsabo hizaha ny fahasalamanao sy hitily izay zavatra alohanoa avy amin'ilay kohaka (rehoka na rora) mba hahitana raha voan'ny raboka ianao na tsia. Maro ireo governemanta manome fanafody raboka maimaim-poana. Mangataha eny amin'ny tobim-pahasalamana akaiky anao indrindra. Mety hahazo amin'ireto fanafody ireto ianao:

- ◆ Isoniazid (INH) pilina (p. 360)
- ◆ Rifampin pilina (p. 360).
- ◆ Pyrazinamide pilina (p. 361)

- ◆ Ethambutol pilina (p. 361)
- ◆ Streptomycin tsindrona (p. 361)

Zava-dehibe ny mihinana ireo fanafody araka izay atoro. Ireo fitsaboana dia mety ho samihafa arakaraky ny firenena tsirairay, fa mizara roa ny fitsaboana. Hihinana karazam-panafody 4 ianao mandritra ny 2 volana, avy eo dia tiliana ny rehokao. Raha mihatsara ny fahasalamanao dia hihinana 2 na 3 amin'ireo fanafody sisa ianao mandritra ny 4 volana. Avy eo dia ho tiliana indray mba hahafantarana raha tena sitrana tokoa. **Aza mitsahatra mihinana ireo fanafody mihitsy na efa mihatsaraaza ny fahasalamanao.** Mety hitarika ny fiverenan'ilay aretina izany ka hiantraika aminao sy ny olona hafa amin'ny endrika TB sarotra sitranina kokoa, sy raboka mahatohitra fanafody maro (jereo p. 361). **Ny fanasiranana tanteraka ny TB dia mety haharitra 6 volana hatramin'ny herintaona no mihoatra.**


Mihinana sakafo tsara araka izay tratra: sakafo betsaka hery sy sakafo feno proteina sy vitamina ihany koa (p. 110 to 111). Ny fakàna aina dia zava-dehibe ihany koa. Raha azo atao dia mitsahara tsy miasa ary makà aina mandrapahasitrana. Amin'izay fotoana izay dia ezaho ny tsy dia miasa be firy mba tsy handreraka na hahasempotra anao. Ezaho hatrany ny maka aina sy matory tsara.

Mitovy ny fitsaboana ny raboka eo amin'ny faritra hafa amin'ny vatana sy ny raboky ny avokavoka, saingy mety ho lava kokoa ny fitsaboana. Ao anatin'izany ny TB eo amin'ny atody tarimo eo amin'ny tenda, TB eo amin'ny kibo (jereo ny sary ao amin'ny p. 20), raboky ny hoditra (jereo p. 212), ary ny raboky ny tonon-taolana (toy ny lohalika). Ny zaza voan'ny TB mahery vaika eo amin'ny hazon-damosina dia mety mila fandidiana mba hisorohana ny fahalemena (jereo ny Zaza Manana Fahasembanana eo An-tanàna, Toko 21).

Ny raboka dia areti-mifindra. Izy io dia mifindra amin'ny alalan'ny fanaparitahan'ny olona iray voan'ny TB ny mikraoba eny amin'ny rivotra rehefa mikohaka izy. Ny olona rehetra, indrindra ny zaza izay miara-miaina amin'ny olona voan'ny TB dia mety ho voan'ilay aretina ihany koa.

Raha misy olona iray voan'ny TB ao an-trano:

- ◆ Raha azo atao dia asaina mitily TB avokoa ny ankohonana manontolo (Fitiliana Raboka).
- ◆ Ataovy vaksiny miady amin'ny TB amin'ny vaksiny B.C.G. ny zaza.
- ◆ Ny olona rehetra, indrindra ny zaza, dia tokony mihinana sakafo be otrikaina.
- ◆ Ny olona voan'ny TB dia tokony misakafo sy matory misaraka amin'ny ankizy, raha azo atao dia ao amin'ny efitrano mitokana mandrapahatapitra tanteraka ny kohany.
- ◆ Angataho ilay olona voan'ny raboka mba hanampina ny vavany rehefa mikohaka ary mba tsy handrora eo amin'ny tany.
- ◆ Diniho ny fahaverezan-danja sy famantarana TB hafa eo amin'ny mpikambana hafa ao anatin'ny ankohobaba.



Raboky ny hazon-damosina

Lanjoa in-drain isam-bolana ny tsirairay, indrindra ireo ankizy, mandrapahazoanao antoka fa tsy misy voan'ny TB ny olona ao an-trano.


Ny TB eo amin'ny mpikambana ao anatin'ny ankohonana dia miantomboka miadana sy moramora matetika. Raha toa maneho famantarana TB ny olona iray ao anatin'ny ankohonana dia aleo tiliana izy **ary antomboy eo no ho eo ny fitsaboana.**

Ny Fitsaboana mialoha sy feno dia mandray anjara lehibe amin'ny fisorohana.

HAROMOTANA

Ny haromotana dia avy amin'ny kaikitry ny biby romotra na 'romotra', matetika avy amin'ny alika, saka, fosa, amboadia, jaboady, na kary. Ny ramanavy na biby hafa ihany koa dia mety hanaparitaka haromotana.

Famantarana ny haromotana:



Famantarana eo amin'ny biby:

- Fitondrantena hahahaha—indraindray malahelo, tsy mahatombina, mora tezitra.
- Misy rarakivy fotosy eo amin'ny vava, tsy afaka misakafo na misotro rano.
- Indraindray toa lasa dia (romotra) ary mety manaikitra izay olona na zavatra eo akaikiny eo.
- Maty ao anatin'ny 5 hatramin'ny 7 andro ilay biby.

Famantarana eo amin'ny olona:

- Manaintaina sy mangotsokotsoka eo amin'ilay faritra voakaikitra.
- Tsy milamina ny fisefoana, toy ny rehefa avy nitomany.
- Fanaintainana sy fahasarotana mitelina, ary fatahorana ranon-javatra. Be rora matevina sy miraikidraikitra.
- Malina ilay olona saingy taitaitra be sy mora tezitra. Mety hihetsika hatezerana.
- Satria mihamanakaiky ny fahafatesana dia mihetsika be ny aretiny (mifanintonona) ary tsy mahetsika.

Raha toa eritreretinao fa romotra ny biby iray izay avy nanaikitra olona:

- ▣ Afatory na idio ao anaty tranony mandritra ny erinandro ilay biby.
- ▣ Sasao tsara amin'ny savony, rano, ary eau oxygénée ilay faritra voakaikitra. Aza idina ilay fery; avelao hisokatra eo.
- ▣ Raha maty mialohan'ny fahataperan'ny erinandro ilay biby (na voavony na tsy voasambotra) dia ento aingana eny amin'ny tobim-pahasalamana ilay olona voakaikitra mba hahazoany andian-tsindrona miady amin'ny haromotana.

Ny famantarana ny faharomotana matetika dia mitranga 10 andro hatramin'ny 2 taona aorian'ny kaikitra (matetika ao anatin'ny 3 hatramin'ny 7 herinandro). Ny fitsaboana dia tokony manomboka alohan'ny hitrangan'ny famantarana ny aretina. Rehefa manomboka ny aretina dia tsy misy fitsaboana fantatry ny siansa ka hanavotra ny ain'ilay olona.

Fisorohana:

- ◆ Vonoy ary aleveno (na odio ao anaty tranony mandritra ny erinandro) ny biby rehetra izay heverina fa voan'ny haromotana.
- ◆ Mandraisa anjara amin'ny tetikasa fanaovam-baksiny ny alika.
- ◆ Halaviro ny biby rehetra heverina ho marary na manana fihetsika hafahafa ny ankizy.

Tandremo tsara rehefa mikirakira biby izay manana endrika marary na manana fitodran-tena hafahafa. Na dia tsy manaikitra olona aza izany dia hiteraka haromotana ny rorany raha toa mahakasika ratra na kiaka amin'ny vatana.

TETANOSY (MIHIDY VALANORANO)


Ny tetanosy dia vokatry ny mikraoba izay miaina ao anatin'ny taim-biby na olona izay miditra ao anatin'ny vatana amin'ny alalan'ny ratra. Ny ratra lalina na maloto dia mampidi-doza tokoa.

IREO RATRA IZAY INOANA FA HITERAKA TETANOSY

Kaikitry ny biby, indrindra
fa ny alika sy ny kisoa

Ratra avy
amin'ny
fitifirana na
antsy

Lavaka nataon'ny
fanjaitra maloto



Ratra avy amin'ny fefy vy
matsilo



Ratra avy amin'ny
tsindron'ny tsilo,
somisika, na fantsika




ANTON'NY TETANOSY EO AMIN'NY ZAZA VAO TERAKA

Ny mikraoban'ny tetanosy dia miditra eo
amin'ny tadim-poitr'ny zazakely vao teraka
nohon'ny tsy fahampian'ny fahadiovana na ny tsy
fandraisana fepetra tsotra. Lehibe kokoa ny mety
hitrangan'ny tetanosy . . .

RAHA TOA KA LAVA BE LAVITRA
NY VATANA TOY IZAO NY
NANAPAHANA ILAY TADIM-
POITRA, DIA LEHIBE KOKOA NY
METY HAHAZOANA NY
TETANOSY.


- raha notapahana tamin'ny fitaovana tsy
nampangotrahina sy madio tanteraka ilay
tadim-poitra, na
- raha tsy notapahana **akaikin'**ny vatana tsara
ilay tadim-poitra (jereo p. 262), na
- raha nosaronana mafy loatra na tsy natao
maina tsara ilay tadim-poitra.



Famantarana ny tetanosy:

- Fery manonitra (indraindray dia tsy misy ratra hita).
- Tsy fahazoana aina sy fahasaratana rehetra mitelina.
- Mihinjitra ny valanorano (mihidy valanorano), avy eo dia mihinjitra avokoa ireo hozatra eo amin'ny hatoka sy ny faritra hafa eo amin'ny vatana. Manana olana eo amin'ny famindrana ilay olona.
- Mifanintonia ary manaintaina (fihinjirana tampoka) ny valanorano ary manaraka avy eo ny vatana iray manontolo. Ny fanetsehana na fikasihana ilay olona dia mety hiteraka fihetsehana tampoka toy izao:

Ny tabataba tampoka na
hazavana be ihany koa dia
mety hiteraka izao
fihetsehana izao.



Eo amin'ny zazakely vao teraka, ny famantarana voalohany ny tetanosy matetika dia mitranga 3 hatramin'ny 10 andro aorian'ny nahaterahany. Manomboka mitomany tsy mijanona ilay zaza **ary tsy mahavita minono.** Matetika dia maloto na misy fery ilay faritry ny foitra. Aorian'ny ora na andro maro dia manomboka ny fihidin'ny valanorano sy ny famantarana tetanosy hafa.

Zava-dehibe tokoa ny manomboka mitsabo ny tetanosy vantany vao miseho ny famantarana. Raha miahahy ny fisian'ny tetanosy ianao (na tsy mitsahatra ny mitomany ny zazakely iray na tsy minono) dia ataovy ity fitiliana ity:

FIJERENA NY REFLEKSY NY LOKALIKA

Ataovy mikirozaroza ny
tongotra ary domy amin'ny
fanondro navonkona ny
lohalika.

Raha miainga kely
fotsiny ilay
tongotra dia ara-
dalana ilay
fihetsika.

Raha miainga ambony ilay tongotra
dia maneho aretina mampidi-doza
toy ny tetanosy (na mety ho
menenzita na fanapoizinana avy
amin'ny fanafody sasany na poizim-
boalavo izany)



Io fitiliana io dia ilaina tokoa raha toa ka miahahy ny fisian'ny tetanosy amin'ny zaza vao teraka ianao.

Ny atao raha toa misy famantarana tetanosy:

Ny tetanosy dia aretina mahafaty. Mitadiava dokotera vantany vao mitranga ny famantarana.
Raha misy fahataràna ny fitadiavana fanampiana dia ataovy ireto manaraka ireto:

- ☒ Zahao ny vatana manontolo sao misy ratra na fery manonitra. Matetika dia misy nana ilay fery. Sokafy ilay fery ary diovy amin'ny savony sy rano nampangotrahina ary nampangatsiahina; esory tanteraka ny loto, nana, tsilo, somisika, etc.; andraraho eau oxygénée eo amin'ilay fery raha manana ianao.

(ao amin'ny pejy manaraka ny tohiny)


Ny atao raha toa misy famantarana tetanosy: (tohiny)

- ◆ tsindrony procaine penicillin 1 *million units* eo no ho eo ary avereno isaky ny 12 ora (p. 352). (Ho an'ny zaza vao teraka, ny penicillin crystalline no tsara kokoa). Raha tsy misy penicillin, dia mampiasà antibiotika hafa toy ny tetracycline.
- ◆ Raha afaka mahazo **serôma Fanefitra avy amin'ny Olombelona (Human Immune Globulin)** ianao dia tsindrony **antitoxine ho an'ny tetanosy** 5,000 units na 40,000 hatramin'ny 50,000 units. Araho tsara ny fepetra rehetra (jereo p. 70 sy 388). Ny serôma Fanefitra avy amin'ny Olombelona dia tsy atahorana hisy tsy fahazakana mahery vaika saingy mety ho lafo vidy kokoa ary sarotra azo.
- ◆ Raha mbola afaka mitelina ihany ilay olona dia omeo rano misy otrikaina tsikelikely.
- ◆ Mba hifehezana ny fanintonan dia omeo diazepam (*Valium*) hatelin ny alefaso any amin'ny lava-bodiny (ho an'ny fatrany dia jereo ny p. 389 sy 390).
- ◆ Ezaho ny tsy hanetsika na hikasika ilay olona araka izay azo atao. Fadio ny tabataba sy ny hazavana be.
- ▣ Raha ilaina dia mampiasà katetera (fantsona vita amin'ny fingotra) natohy tamin'ny fitaovam-panindronana mba hisintonana ny rehoka avy amin'ny orona na tenda. Izany dia hanampy amin'ny fanadiovana ny lalan-drivotra.
- ▣ Ho an'ny zaza vao teraka voan'ny tetanosy, raha azo atao dia aleo ny mpiasan'ny fahasalamana no hametraka fantsona miainga avy eo amin'ny orona mankany amin'ny vavony ary hamahana ny zaza amin'ny nonon-dreny. Manome ireo otrikaina izay ilaina izany ary manampy amin'ny fiadiana amin'ny otrikaretina.

Ny atao mba hisorohana ny tetanosy:

Eny fa na dia any amin'ny hopitaly tsara indrindra aza dia maty ny antsasaky ny olona voan'ny tetanosy. Mora kokoa ny misoroka ny tetanosy noho ny mitsabo azy.

- ◆ **Fanaovam-baksiny:** Io no fomba hiarovana amin'ny tetanosy tsara indrindra. Ny zaza sy ny olon-dehibe dia tokony atao vaksiny miady amin'ny tetanosy. Ataovy vaksiny eny amin'ny tobim-pitsaboana akaiky indrindra ny ankohonana manontolo (jereo p. 147). Raha te ho voaaro manontolo, ny vaksiny dia tokony averina in-dray isaky ny 10 taona. **Ny fanaovana vaksiny ny miady amin'ny tetanosy ny vehivavy isaky ny mitondra vohoka dia misoroka ny tetanosy tsy ahazo ny zaza vao teraka** (jereo p. 250).
- ▣ Raha toa ka misy fery ianao, indrindra raha fery maloto na lalina, diovy ary karakarao toy ny natoro ao amin'ny pejy 89 izany.
- ▣ Raha ngeza be, lalina, na maloto ilay fery dia mitadiava fanampiana amin'ny mpiasan'ny fahasalamana. Raha tsy vita vaksiny miady amin'ny tetanosy ianao dia hevero ny hanindronana anao antitoxine ho an'ny tetanosy (jereo p. 388).
- ▣ Eo amin'ny zaza vao teraka, ny fahadiovana dia zava-dehibe mba hisorohana ny tetanosy. Ny fitaovana ampiasaina hanapahana tadim-poitra dia tokony diovina tsara (p. 262); tokony tapahana fohy, ary atao madio sy maina tsara ny fariry ny tadim-poitra.



MENENZITA

Izy ity dia otrikaretina mahery vaika mahazo ny ati-doha izay mpahazo ny zaza. Ny fiandohany dia mety avy amin'ny aretina hafa nihamafy toy ny kitrotro, donika, kohadavareny, tazo, na aretin-tsofina. Ny zaza ateraky ny reny voan'y raboka indraindray dia voan'ny menenzita avy amin'ny raboka mandritra ny iray volana voalohany hiainany.



Famantarana:

- Fanaviana
- Marary an-doha be.
- Mihinjitra ny tenda. Marary be ilay zaza ary miandrandra toy izao ny lohany rehefa matory izy:
- Mihinjitra be loatra ny lamosiny ka tsy afaka miondrika eo anelanelan'ny lohaliny ny lohany.
- Ho an'ny zaza latsaky ny erintaona: mivonto ny lohamalemin'ny zaza (faritra malemy eo an-tampon-doha).
- Mandoa.
- Eo amin'ny zaza madinika sy ny zazakely, mety ho sarotra ny mamantatra ny fiandohan'ny menenzita. Mety ho hafahafa ny fomba fitomanin'ilay zaza ('tomany ateraky ny menenzita'), eny fa na dia omen'ny reniny nono aza ilay zaza. Na mety ho te hatory lava ilay zaza.
- Indraindray misy fihetsehana tampoka (fanintona) na fihetsika hafahafa.
- Mihàratsy hatrany ilay zaza ary tsy mitsahatra raha tsy mahatsiaro tena tanteraka.
- Ny menenzita ateraky ny raboka dia mihombo miadana mandritra ny andro na herinandro maro. Ny endrika menenzita hafa dia mitranga haingana, ao anatin'ny ora na andro vitsy.

Fitsaboana:

Manatòna dokotera haingana arak'izay azo atao—manan-danja be na dia iray minitra fotsiny aza! Ento eny amin'ny hopitaly ilay olona raha azo atao. Mandritra izany:

- ◆ Tsindrony ampicillin isaky ny 6 ora, 500 mg. ho an'ny ankizy 1 g. ho an'ny olon-dehibe (jereo p. 352). Raha azo atao dia omeo chloramphenicol ihany koa (jereo p. 356).
- ▣ Raha toa ka misy hafanana (mihoatra ny 40°), dia ampidino amin'ny lamba nolemana sy acetaminophen na aspirinina izany (jereo p. 378 to 379).
- ◆ Raha voan'ny raboka ilay reniny na misy antony mahatonga anao hiahiahy fa voan'ny menenzita ateraky ny raboka ilay zaza dia tsindrony streptomycin 20 mg. isaky ny kg lanjany izy ary mitadiava fanampian'ny dokotera eo no ho eo. Mampiasà ihany koa ampicillin raha toa tsy avy amin'ny TB ilay menenzita.
- ▣ Raha fantatrao fa avy amin'ny tazo ilay menenzita dia omeo tsindrona artesunate na quinine eo no eo (jereo p. 366).

Fisorohana:


Mba hisorohana ny menenzita ateraky ny raboka, ny zaza vao nateraky ny reny voan'ny raboka dia tsy maintsy atao vaksiny B.C.G. vantany vao teraka. Ny fatra ho an'ny zaza vao teraka dia 0.05 ml. (antsasaky ny fatra tokony ho izy 0.1 ml.). Ho an'ny torohevitra hafa mikasika ny TB dia jereo ny pejy179 hatramin'ny 180.

Ny tazo dia otrikaretin'ny rà izay miteraka fangovitana sy hafanana ambony be. Ny tazo dia miparitaka avy amin'ny moka. Ny moka dia mitsentsitra ny otrikaretina tazo ao anatin'ny ràn'ny olona voan'ilay aretina ary mamindra izany amin'izay olona manaraka kakeriny. Avo roa heny ny mety ahavoazan'ny olona voan'ny VIH ny tazo.

Famantarana ny tazo:

- Misy dingana 3 ny fitrangan'ny aretina:

1. Manomboka amin'ny fangovitana—ary aretin'andoha. Mangorintsina ary mangovitra mandritra ny 15 minitra hatramin'ny ora iray ilay olona.
2. Ny fangovitana dia arahana hafanana, matetika 40° na mihoatra. Vizaka ilay olona, mivoaramena (mena ny hodiny), ary mirediredy (tsy tena tempô'ny tenany). Maharitra ora na andro maro ny hafanana.
3. Farany dia manomboka tsemboka ilay olona, ary mihena ny hafanany. Rehefa aorinan'ny trangan'aretina dia mihareraka ilay olona saingy mety tsy dia haninona



- matetika ny tazo dia miteraka hafanana isaky ny 2 na 3 andro (arakaraka ny karazana tazo), saingy amin'ny voalohany dia mety hiteraka hafanana isan'andro izany. Ny endriky ny hafanana ihany koa dia mety tsy toy ny mahazatra na miavaka. Noho izany indrindra dia ireo rehetra misy hafanana tsy fantatra antony dia tokony manao fitiliana rà mba hijerena raha misy tazo.
- Ny tazo maharitra dia mety hiteraka fihitaran'ny sarakaty na tsy fahampian-drà (jereo p. 124). Ho an'ny olona voan'ny VIH (p. 399) mety hankarary aingana azy izany.
- Eo amin'ny ankizy madinika, ny tsy fahampian-drà sy ny hoditra hatsatra dia manomboka ao anatin'ny iray na roa andro. Eo amin'ny zaza voan'ny tazo izay miantraika any amin'ny atidoha (tazon'ny atidoha), ny fihetsehana (fanintonia) dia mety arahin'ny tsy fahatsiarovan-tena. Ny felan-tanana ihany koa dia mety hiloko manga volon-davenona ary ny fisefoana dia mety ho aingana be sy lalina. (Fanamarihana: Ny zaza tsy minono amin'ny nonon-dreny dia mora voan'ny tazo).

Fitiliana sy fitsaboana:

- Raha toa miahayah amin'ny fision'ny tazo ianao na misy hafanana miverimberina, raha azo atao dia mandehana eny amin'ny tobim-pitsaboana mba hotiliana rà. Any amin'ny toerana misy ilay tazo mahery atao hoe *falciparum*, mitadiava fitsaboana eo no eo.
- Any amin'ny toerana matetika hitrangan'ny tazo nefá tsy misy fanaovana fitilian-drà, tsaboy toy ny mitsabo ny aretina tazo ny hafanana ambony be tsy fanta-piaviana. Hano ny fanafody tazo izay fantatra fa tena mandaitra tsara eo amin'ny faritra misy anao. (Jereo ny pejy 363 hatramin'ny 367 ho an'ny fatrany sy ny fampahafantarana mikasika ny fanafody tazo).
- Raha mihasitrana ianao rehefa avy nihinana ireo fanafody saingy miverina indray ny hafanana aorian'ny andro maromary dia mety mila fanafody hafa ianao. Mahazoa torohevitra avy amin'ny tobim-pahasalamana akaiky indrindra.
- Raha toa ka manomboka mifanintonia na maneho famantarana menenzita (p. 185) hafa ilay olona voan'ny tazo dia mety voan'ny tazon'ny atidoha izy. Raha azo atao dia tsindrony quinine na artesunate eo no ho eo (jereo p. 366).

INONA NY ATAO MBA HISOROHANA NY TAZO (SY NY DENGUE)

Ny tazo dia mateti-pitranga mandritra ny vanim-potoanan'ny andro mafana sy avy orana. Raha miara-miasa ny rehetra dia mety ho voafehy izy io. Ireto fomba fifehezana azy rehetra ireto dia tokony ampiharina eo no ho eo.

1. Sorohy ny moka. Matoria

amin'ny toerana tsy misy moka na ao anaty lay misy famonoana bibikely na ao anaty lamba. Sarony amin'ny lay misy ody moka na lamba manify ny fandrian-jazakely.



3. Raha miahahy amin'ny fisian'ny

tazo ianao dia mahazoa fitsaboana aingana.

Rehefa avy notsaboina ianao dia tsy hamindra tazo amin'ny hafa ireo moka manaikitra anao.



2. Miaraha miasa

amin'ireo mpiasa mifehy ny tazo rehefa tonga eo amin'ny tånanana misy anareo izy ireo. Lazao azy ireo raha misy iray amin'ny olona ao amin'ny ankohonana misy hafanana ary avelao haka rà izy ireo mba hotiliana.



5. Azo sorohina ihany koa ny tazo, na azo ahena tsara ny vokany, amin'ny alalan'ny fihinanana fanafody miady amin'ny tazo amin'ny fotoana efa nalahaatra. Jereo ny pejy 363 hatramin'ny 367.

DENGUE (GRIPAN'NY TANY MAFANA, DANDY FEVER)

Ity aretina ity dia matetika afangaro amin'ny tazo. Izy ity dia mifindra amin'ny alalan'ny otrikaretina aparitaky ny moka. Taona vitsy lasa izay dia lasa mateti-pitranga amin'ny firenenena maro izy ity. Valan'aretina ny fitrangany (olona maro no miaraka voany), miseho matetika mandritra ny vanim-potoana mafana sy fiafan'ny orana. Ny olona iray dia mety ho voan'ny dengue mihoatra ny in-drav. Ny aretina miverimberina dia ratsy be tokoa. Mba hisorohana ny dengue dia fehezina ny moka ary arovana amin'ny kaikirity ny moka ny tena, toy ny voalaza etsy ambony.

Famantarana:

- Hafanana be tampoka miampy fangovitana.
- Marary be ny vatana, ny loha, ny tenda.
- Mahatsiaro tena marary be, vizaka, fadiranovana ilay olona.
- Aorian'ny 3 hatramin'ny 4 andro dia mahatsapa tena mihatsara ilay olona mandritra ny ora vitsy hatramin'ny 2 andro.
- Miverina ao anatin'ny 1 na 2 andro ny aretina, ary matetika dia manomboka misy faritra men any Tanana sy ny tongotra.
- Miparitaka eny amin'ny sandry, ny ranjo, ary ny vatana ireo faritra mena (matetika tsy mankeny amin'ny tarehy).

Ny endrika dengue mahery vaika dia mety hiteraka fandehanan-drà ao anatin'ny hoditra (pentina maity kely), na fandehanan-drà mampidi-doza ao anatin'ny vatana. Mandehana any amin'ny hopitaly eo no eo.

Fitsaboana:

- ◆ Tsy misy fanafody manasitrana azy io saingy miala ho azy ilay aretina ao anatin'ny andro vitsy.
- ◆ Maka aina, misotro rano betsaka toy ny zava-pisotro famerenan-drano, ranom-boankazo na ronono, acetaminophen (fa tsy aspirinina na ibuprofen) ho an'ny hafanana sy ny fanaintainana.
- ◆ Raha toa mitranga ny fandehanan-drà be dia tsaboy amin'ny fitsaboana ny dona izany raha ilaina (jereo p. 77).


4. Vonoy ireo moka sy ny zanany. Ny moka dia mivelona ao anaty rano tsy mandeha. Diovy ny rano miandrona, lavaka famorian-drano, kapoaka efa ela, na vilany simba manangondrano.

Miomppia trondro mihinana moka ao anaty dobo na farihy. Fenoy fasika ny tampon'ny Volotsangana ary sarony hatrany ny Fitoeran-drano.



BRUCELLOSE (FIEVRE DE MALTE)

Ity aretina ity dia azo avy amin'ny fisotroana ronono manta avy amin'ny omby na osy vavy misy aretina. Mety miditra amin'ny vatana amin'ny alalan'ny kiaka na ratra eo amin'ny hoditry ny olona miara-miasa amin'ny omby, osy na kisoa marary ny aretina, na miaina izany any anaty avokavoka.



Famantarana:

- Ny brucellose dia mety miainga amin'ny hafanana sy fangovitana, saingy matetika ny fiantombohany dia harerahana tsikely, fahalemena, tsy mahinan-kanina, marary andoha, marary vavony, ary indraindray dia manaintaina ny vanin-taolana.
- Mety halefaka na hahery be ilay hafanana. Ny mahazatra dia miantomboka amin'ny fangovitana amin'ny folakandro ary mifara amin'ny hatsembohana vao maraina. Ho an'ny brucellose maharitra, ny hafanana dia mety hijanona mandritra ny andro maro ary miverina avy eo. Raha tsy tsaboina dia mety haharitra an-taonany maro ny brucellose.
- Mety hisy atody tarimo hivonto eo amin'ny tenda, ambany helika, sy ny teta (p. 88).

Fitsaboana:

- ☒ Raha miahiahny ny fisian'ny brucellose ianao dia mahazoa torohevitra ara-medikaly satria mora ny manafangaro io aretina io amin'ny aretina hafa, ary dia lava sy lafo vidy ny fitsaboana azy.
- ☒ Tsaboy amin'ny tetracycline, olon-dehibe: vongam-panafody 250 mg. miisa roa in-4 isan'andro mandritra ny 3 erinandro. Ho an'ny fepetra dia jereo ny pejy 356. Na ampiasao ny cotrimoxazole. (Ho an'ny fatra sy ny fepetra dia jereo p. 357.)

Fisorohana:

- ◆ **Aza misotro afa-tsy rononon'omby na osy nampangotrahana na efa voavono ny mikraoba tao anatiny.** Any amin'ny faritra izay tena olana be ny brucellose dia tsara kokoa ny tsy mihinana fromazy vita amin'ny ronono tsy nampangotrahana.
- ◆ tandremo tsara rehefa mikarakara ny omby, osy ary kisoa indrindra raha misy tataka na kiaka eny aminao.
- ☒ Miara-miasa amin'ireo mpanara-maso izay mijery raha salama tsara ny biby fiompinao.

TAZO TEFOEDRA

Ny tefoedra dia otrikaretina eo amin'ny taova izay misy fiantraikany amin'ny vatana manontolo. Izy io dia miparitaka avy amin'ny diky mankany amin'ny vava amin'ny alalan'ny sakafy maloto ary matetika dia valan'aretina ny fitrangany (olona maro miara-marary). Amin'ireo aretina izay antsoina indraindray hoe 'fanaviana' (jereo p. 26), ny tefoedra ny tena mahery indrindra.

Famantarana ny tefoedra:

Erinandro Voalohany:

- Miantomboka toy ny sery na gripa.
- Marary andoha, marary tenda, ary matetika mikoha-maina.
- Miaka-midina ny hafanana, saingy miakatra tsikelikely isan'andro mandrapahatongany 40° na mohoatra.
- Ny fitempon'ny fo dia miadana araka ny habetsaky ny hafanana misy. Tsapao ny fitempon'ny fo sy ny hafanana isaky ny antsasak'adiny. **Raha mihamiadana ny fitempon'ny fo rehefa miakatra ny hafanana dia mety voan'ny tefoedra ilay olona** (jereo p. 26).
- Indraindray dia mety mandoa, mivalana na mitohana ilay olona.

Erinandro Faharoa:


- Hafanana ambony be, fitempon'ny fo miadana be.
- Mety hisy teboka mavokely vitsivitsy eo amin'ny vatana.
- Mangovitra.
- Mirediredy (tsy misaina tsara ilay olona na tsy misy dikany izay lazainy).
- Malemilemy, very lanja, tsy ampy rano.

Fitsboana:

- ◆ Mitadiava fitsaboana ara-medikaly.
- ◆ Omeo ciprofloxacin (p. 356), chloramphenicol (p. 356), ampicillin (p. 352), na cotrimoxazole (p. 357). Anontanio ny mpiasan'ny fahasalamana ny fanafody mandaitra indrindra eo amin'ny faritra misy anao.
- ◆ Ampidino amin'ny lamba nasiana rano mangatsiaka ilay hafanana (jereo p. 76).
- ◆ Omeo rano betsaka: lasopy, ranom-boakazo, ary Zava-pisotro Famerenan-drano mba hisorohana ny tsy fahampian-drano(jereo p. 152).
- ◆ Omeo sakafy be otrikaina, ataovy miendrika rano izany raha ilaina.
- ◆ Tokony hijanona ao am-pandriana ilay olona mandrapialan'ny hafanana tanteraka.
- ◆ Raha toa ka mangery rà ilay olona na maneho famantarana peritonite (p. 94) na pneumonia (p. 171) dia ento eny amin'ny hopitaly eo no ho eo.

Fisorohana:

- ◆ Mba hisorohana ny tefoedra dia mila mandray fepetra mba hisorohana ny fandotoana ny rano sy ny sakafy amin'ny dikan'olombelona. Araho ny torolalana ao amin'ny fahadiovana faobe sy ny tsirairay ao amin'ny Toko 12. Manamboara ary ampiasao ny lava-piringa. Ataovy azo antoka tsara fa ny lava-piringa dia naorina lavy ny toerana fakan'ny olona rano.
- ◆ Ny tefoedra matetika dia mitranga aorian'ny tondra-drano na loza hafa, ary mila mandray fepetra manokana mikasika ny fahadiovana mandritra ireny fotoana ireny. Ataovy azo antoka fa madio tsara ny rano fisotro. Raha toa ka misy tranga na tefoedra eo amin'ny tanàna misy anao dia mila ampangotrahana ny rano fosotro rehetra. Zahao ny antony nampaloto rano na ny sakafy.



Erinandro

Fahatelo:

- Raha tsy misy ny fahsarotana dia miala moramora ny hafanana sy ny famantarana hafa.

(mitohy ao amin'ny pejy manaraka)


Fisorohana ny tefoedra: (tohiny)

- ◆ Mba hisorohana ny fihankaly ny tefoedra, ny olona voan'ilay aretina dia tokony mijanona ao anatin'ny efitra mitokana. Tsy tokony misy olona hafa hihinana na hisotro amin'ireo fitaovana nampiasainy. Tokony alevina ao anaty lavaka lalina ny tainy. Ireo olona mitsabo azy dia tokony manasa tanana eo no ho eo.
- ▣ Rehefaavy voan'ny tefoedra ny olona sasany dia mety mbola mitondra ilay aretina ary hamindra izany amin'ny hafa. Noho izany, ny olona rehetra izay avy voan'ny tefoedra dia tokony mitandrina be mihtisy amin'ny fahadiovany ary tsy tokony miasa amin'ny toeram-pisakafoanana na amin'ny toerana mikasika sakafo. Indraindray ny ampicillin dia mandaitra amin'ny fitsaboana ny olona mitondra tefoedra.


TAZO AVY AMIN'NY KAIKITRY NY BIBIKELY

Ny tazo mamindra dia aretina mitovy saingy samy hafa amin'ny tefoedra. Ny aretina dia mifindra amin'ny alalan'ny kaikitry ny:

haofotsy



kongona



parasim-boalavo



Famantarana:


- Ny tazo ateraky ny kaikitry ny bibikely dia miantomboka toy ny sery be. Aorian'ny erinandro na mihoatra dia miantomboka ny hafanana bebe kokoa, miaraka amin'ny fangovitana, aretin'andoha, ary fanaintinan'ny hozatra sy ny tratra.
- Aorian'ny andro vitsy nisian'ny hafanana dia miseho ny faritra mena, miandoha ao ambany helika avy eo dia amin'ny vatana, amin'ny sandry sy ny ranjo (fa tsy amin'ny tarehy, felan-tanana, na felan-tongotra). Toy ny mangana madinika kely ireo faritra mena.
- Maharitra 2 erinandro na mihoatra ny hafana. Ny tazo ateraky ny kaikitry ny bibikely matetika dia malefaka eo amin'ny ankizy ary mahery be eo amin'ny olona efa nahazo taona. Ny tazo ateraky ny kaikitry ny bibikely miendrika valan'aretina dia mampidi-doza.
- Eo amin'ny tazo ateraky ny kaikitry ny kongona, misy manaintaina be eo amin'ilay faritra voakaikitra ary ilay atody tarimo eo akaikin'ilay kaikitra dia mivonto ary manaintaina.

Fitsaboana:

- ▣ Raha eritreretinao fa voan'ny tazo ateraky ny kaikitry ny bibikely ny olona iray dia mahazoa torohavitra ara-medikaly. Mila fizahana manokana izany indraindray.
- ▣ Omeo tetracycline, olon-dehibe: vongam-panafody 250 mg. miisa 2 in-4 isan'andro mandritra ny 7 andro (jereo p. 355). Ny chloramphenicol ihany koa dia mandaitra saingy mampidi-doza kokoa (p. 356).

Fosorohana:

- ◆ Hajao ny fahadiovana. Esory matetika ny haon'ny ankohonana manontolo.
- ◆ Esory ny kongona amin'ireo alikanareo ary aza avela miditra ao an-trano ny alika.
- ◆ Vonoy ireo voalavo. Ampiasao ny saka na tonta (fa tsy poizina izay mety hampidi-doza ireo biby hafa na ny ankizy).
- ▣ Vonoy ireo parasim-boalavo. Aza mikasika voalavo maty. Mety hipitika any aminao ireo parasy. Aleteho ary dory ireo voalavo maty sy ny parasiny. Asio poizina famonoana bibikely ao anatin'ny lava-boalavo.



HABOKANA (ARETIN'I HANSEN)

Ity aretina tsy dia tena mamindra be ity dia mivoatra miadana, matetika ao anatin'ny taona maro. Izy ity dia mifindra avy amin'ny olona voan'ny habokana ka tsy notsaboina ary mankany amin'ny olona tsy dia mahatohitra aretina firy. Any amin'ny toerana hitrangan'ny aretina habokana matetika, ireo zaza dia mila zahana isaky ny 6 hatramin'ny 12 volana—indrindra ireo ankizy miara-miaina amin'ny olona voan'ny habokana.


Famanatarana: Ny habokana dia miteraka olana maro eo amin'ny hoditra, fahaverezan'ny fahatsapana, ary fahalemen'ny Tanana sy ny tongotra.

Ny famantarana voalohan'ny matetika dia ny faritra mihofaka


mihitratra miadana eo amin'ny hoditra izay tsy mangidihidy na marary. Amin'ny voalohany, mety ho toy ny tsy maninona ilay faritra raha henoina avy ao anaty.

Tohizo ny fijerena izany. Raha mihena ny fahenoanao ilay faritra na tsy enonao intsony rehefa kasihana

Zahao ny vatana manontolo raha misy mihofaka, indrindra eo amin'ny tarehy, sandry, lamosina, fitomenana, ary ny ranjo.



Samihafa ny lokon'ny mihofaka manodidina ny hoditra, saingy tsy tena fotsy be na miepaka.




Mihofaka toy ny tsindoha misy sisiny na tsia


(jereo p. 38) mety habokana izany.

Ireo famantarana aty aoriana dia samihafa araka ny fiadiana natoralin'ilay olona amin'ilay aretina. Jereo ny:

- Mangotsokotsoka, voly na fahaverezan'ny fahatsapana eo amin'ny tanana na ny tongotra. Na fiovana endrika na tsy fahatsapana intsony eo amin'ilay mihofaka.
- Fahalemena kely sy fiovana endrika eo amin'ny tanana sy ny tongotra.
- Hoza-tatitra mivonto ary lasa toy ny tady ao ambany hoditra ary mety harary na tsia rehefa potserinao.




Ny famantarana efa mivoatra dia mety hisy:



Jereo ny hoza-tatitra

Fitsaboana ny habokana:


Matetika dia azo sitranina ny habokana, saingy tsy maintsy hoanina aman-taonany ny fanafody. Ny fanafody tsara indrindra dia ny dapsone, miaraka amin'ny fanafody 1 na 2 hafa (jereo ny pejy 362 hatramin'ny 363). Raha toa miseho na miharatsy ny 'trangana habokana' (hafanana, mihofaka, manaintaina ary mety mivonto ny Tanana sy ny tongotra, na samba ny maso) rehefa mihinana fanafody, tohizo ny fihinanana izany saingy mahazoa fanampiana ara-medikaly.



Fisorohana ny fahasimban'ny Tanana, tongotra ary ny maso: Ireo fery lehibe izay hita matetika eo amin'ny Tanana sy tongotry ny olona voan'ny habokana dia tsy tena naterak'ilay aretina ary afaka sorohina. Misy ireo zavatra ireo satria, rehefa tsy mahare na inona na inona intsony ilay olona dia lasa tsy miaro ny tenany amin'ny ratra intsony.



Ohatra: raha toa mandeha ela ny olona iray izay mandaitra tsara ny fahatsapany ka miempaka dia harary azy izany ary hijanona tsy handeha izy na handringa.

Saingy raha miempaka ny olona voan'ny habokana dia tsy harary azy izany.	Ka dia hanoy ny dihiny izy mandrapahavaky ilay miempaka ka hanonitra.	Mbola tsy ho reny ihany izany ary hihitatra ilay fery ary hahazo ny taolana.	Ho simba avy eo ilay taolana ka hiova endrika ilay tongotra.
--------------------------------------------------------------------------------	-----------------------------------------------------------------------------	---------------------------------------------------------------------------------------	-----------------------------------------------------------------



1. Arovy amin'ny zavatra mety handratra, mangana, miempaka, na handoro azy ny tongotra sy ny tanana:

Aza mandeha tsy mikiraro, indrindra rehefa feno vato maranitra na tsilo. Manaova kiraro na kapa. Asio zavatra malefa ao anatin'ny kiraro sy ambanin'ny tadin-kiraro mba tsy hikiky ny tongotra.



Rehefa miasa na mahandro sakafio dia manaova fonon-tanana. Aza mandray zavatra mety ho mamay raha tsy arovanao amin'ny fonon-tanana matevina na lamba navalombalona aloha ny tanana. Rara azo atao dia aza aza manao asa misy idiran'ny filalaovana zava-maranitra na mamay. Aza mifoka sigara.

2. Isaky ny mifarana ny andro iray (na matetika raha toa miasa mafy na mandeha tongotra lavitra ianao) dia zahao tsara ny tanana sy tongotrao—na mangataha amin'olona hafa hijery izany. Jereo ny tataka, mangana, na tsilo. Jereo ihany koa ny pentina na faritra amin'ny tanana sy tongotra izay miloko mena, mamay, mivonto na maneho fiantombohana miempaka. Raha mahita ireo ianao dia ataovy maka aina ireo tanana na tongotra mandrapiveriny amin'ny laoniny indray. Hanampy hanamafy ny hoditra izany. Azo sorohina ny ratra.

3. Raha toa misy ratra misokatra dia tandrovy ny fahadiovan'ilay faritra misy ny ratra ary ataovy maka aina mandrapahasitrany tsara. Tandremo tsy haratra intsony ilay faritra.

4. Arovy ny masonay. Ny fahasimban'ny maso dia avy amin'ny tsy fahampian'ny fipihan'ny maso, nohon'ny havizanana na tsy fahatsapana intsony. Akipio matetika ny masonay mba hihazonana azy ho mando sy madio. Raha tsy mipika tsara ny masonao dia akipio mafy matetika ny maso mandritra ny andro, indrindra rehefa misy vovoka manidina. Manaova solomaso miaro amin'ny masoandro izay misy maloka ny sisiny, na koa satroka miaro amin'ny masoandro. Ataovy madio tsara ny maso ary alaviro ny lalitra.



Raha ataonao ireo zavatra ireo ary atombokao mialoha ny fitsaboina, **dia ho voasoroka ny ankabeazan'ireo fiovàna ateraky ny habokàna**. Raha mila fanazavana fanampiny mikasika ny aretin'i Hansen, jereo ny Ankizy Manana Fahasembanana eo An-tanàna, Toko 26.